Gazetiko 25 TAONA 3
FIFANINANANA TONONKALO - HISY LOKA HOZARAINA

MORARANO-CHROME 4

# TELO MIANADAHY VOTSOTRA TEO AMPELATANAN'IREO MPAKA AN-KERINY

Gazetiko
www.gazetiko.mg
Laharana 7522 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alakamisy 16 martsa 2023

MARINA IZANY ! 7

## VOLA SA TSANGAN-KEVITRA !


SAHONDRA R. FILOHAN'NY CSI 7



## "SAROTRA NY HAMONGORANA NY KOLIKOLY RAHA MBOLA MISY MISITRAKA ZO TSY AZO ENJEHINA"

SAMPANA FIKAROHANA ADY HELOKA - FIADANANA 4

# VOAANTSO SY NOFOTORANA NY BEN'NY TANÀNA ANTEHIROKA



BASKET "WORLD CUP 2023 /U19" 3

## HENJANA NY FIHAONANA MIANDRY NY ANKOAY

INSTN MADAGASCAR 8

## MPIASA MARO NIASA 20 TAONA MAHERY TSY VOARAY FONKSIONERA






Tarika Kiaka

# Miketrika fiakarana an-tsehatra goavana ao Antsahamanitra

*Tamin'ny taona 2021 no niaka-tsehatra farany tao Antsahamanitra ry Kiaka, dia izao indray vao hihaona amin'ireo mpankafy azy ao an-toerana.*



**Manomana seho goavana ao Antsahamanitra ry Kiaka .**

Miketrika fiakarana an-tsehatra goavana eto an-drenivohitra ny tarika Kiaka. Araka ny programan'ny tarika, dia ao amin'ny kianjan'Antsahamanitra no hiaka-tsehatra izy ireo ato ho ato. Raha ny voasoratra ao anatin'ny pejin'ny tarika, dia tokony ho ny 1 mey izao izy ireo no hian-tsehatra ao an-toerana. « *Mbola misy fandaminana kely ataonay ka mety hiova io daty io. Hilazanay ihany ny mikasika izay daty izay* », hoy i Nini. Efa eo am-panomanana fatratra koa ry zalahy amin' izao fotoana izao, ary efa misy hira vaovao 3 vitany saingy eo am-pifantenana izay heveriny fa tena ankafizin' ny maro no havoakany tsy ho ela. « *Hira milamindamina ny 2 fa somary mavesatra kosa ny iray. Ny tarika Kiaka, raha ny fahitanay ireo mpankafy hatramin'izay, dia ilay hira milamina no tena ankafizany anay, fa na izany aza tsy miala amin'ireny hira mihetsika sy mavesatra ireny izahay* », hoy ihany izy.
Mialoha ny hiakaran'izy ireo an'Antsahamanitra. Maromaro ny « cabaret » hihaonan'ny tarika amin'ny mpankafy azy eto an-drenivohitra. Anisan'izany, ny etsy amin'ny Karibotel Analakely ny zoma ho avy izao. Hitohy ao amin' ny Zaimaika izany amin'ny faran'ny volana ary mbola misy toerana hafa ihany koa. « *Karazana fanazaran-tena ho anay ireo, mialoha ny ao Antsahamanitra* », hoy izy.
Raha hitodihana kely ny lasa, tamin'ny volana oktobra 2021, nandritra ny fankalazan' ny tarika ny faha-35 taonany no niaka-tsehatra farany tao Antsahamanitra ny tarika Kiaka. Mampanantena seho goavana tokoa ry zalahy amin'io ao Antsahamanitra io, ka mampiomana dieny izao ireo mpankafy azy.

**Fy**

Mozika Rock

# Hiaka-dapa etsy amin'ny NCB Isoraka ry "Amboara"

Hifamotoana amin'ny mpankafy azy etsy amin'ny No Comment Bar ny Tarika Amboara, mpiangaly ny gadona Rock ny Asabotsy izao hanomboka amin'ny 8 ora sy sasany alina. Anisan'ny nahafantaran'ny maro azy ireo ilay hirany hoe "Anjara". Manana ny mampiavaka azy eo amin'ny tontolon'ny Rock ihany koa ny "Amboara" na dia vao haingana aza no nilona teo amin'ny tontolon'ny Metaly. Voafidy ho isan'ny mpifaninana tamin'ny RDJ Mozika Rock ry zareo noho io antony io ka na dia tsy nahazo amboara aza dia efa zava-dehibe ho azy ireo izany. Misondrotra hatrany kosa anefa ny traikefan'izy ireo ary nampihaiky ny mpijery maro be izay ny fampisehoana nataon'izy ireo tao amin'ny IFM ny taona 2022 iny. Mihoatra lavitra no ho iny ny seho ataon'izy ireo amin'ny Asabotsy izao. Manao izay ho afany anaty famerenana ry Gary sy Landry sy ny ekipany amin'izao fotoana izao. Hifangaro ny Rock Mavesatra sy ny Akostika ary hahazo fahafinaretana avokoa ny mpanatrika izay tonga amin'io fotoana io. Hizara hira vaovao ihany koa ry zalahy ary hahazo tombony ny mpankafy izay tonga satria izy ireo no haheno voalohany izany hira voavao izany. Ny toerana etsy amin'ny NCB Isoraka ihany koa etsy ankilany dia vonona amin'ireo tolotra zava-pisotro sy sakafo izay mampiavaka azy. Amin'izao fotana izao dia misy tolotra omen'izy ireo ny mpanjifa amin'ny fividianana zava-pisotro. Ankoatra ny maha toeram-pilanonana azy moa dia manandratra sy mampiroborobo ny kolontsaina sy ny zavakanto Malagsy ihany koa ry zareo.

**Tiaray R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Aza kivy miandrandra ny tanjonao manokana, fantatro fa tena sarotra aminao ny miandry izay ho vokany. Fa mbola sarotra kokoa raha toa ianao efa nanomboka ihany, kanefa kivy indray avy eo; dia hokaikerim-panenenana ka ho sarotra ny fanarenana."
Ny Vetso (06. 07.15)
("Never give up on something you really want. It's difficult to wait, but more difficult to regret.")

Nina's sy ny ekipany

# Seho miavaka etsy amin'ny Le Glacier Analakely

Mandalo eto Madagasikara i Nina's amin'izao fotoana izao. Faniriany rahateo ny hifankahita amin'ny mpankafy azy eto an-tanindrazana nandritra izay 5 taona nipetrahany tany ivelany izay. Tonga ary ny fotoana ka ny zoma izao hanomboka amin'ny 8 ora alina etsy amin'ny Le Glacier Analakely no hihaonany amin'ny mpankafy. Hamerina indray ireo hira nankafihizin' ny maro hatramin'izay izy sy ny ekipany ary hitondra ireo hira vaovao ihany koa ka anisan'izany ilay hira hoe "Ho ampifaliako". Io hirany io ihany koa no lohahevitra entiny manamarika ity seho miavaka ity. Nilaza izy fa vonona hampifaly ny mpankafy rehetra amin'ny alalan'ny seho ataony. Fomba fihira vaovao, fiankaran-tsehatra vaovao, no hatolony amin'io fotoana io. Aorian'ity etsy amin'ny Le Glacier ity moa dia hihaona amin'ny mpankafy azy any Toliara indray i Nina's ny 25 Marsa ary ao amin'ny Patatapata no hanaovany fampisehoana miavaka.



**Hampifaly ny mpankafy sy ny mpanjifan'ny Le Glacier i Nina's.**

**Tiaray R**

Lolosy Bonatsara

# Hanolotra fampisehoana fampihomehezana intelo misesy

Hanolotra fampisehoana fampihomehezana telo misesy i Lolosy Bonatsara ka amin'ny sabotsy izao ao amin'ny CGM Analakely izy no hanao izany voalohany. Hanomboka amin'ny telo ora sy sasany tolakandro ny fotoana amin'io. Aorian'izay dia ho eny amin'ny AFT Andavamamba indray izy amin'ny 22 Marsa izao ary eny amin'ny Craam Ankatso ny 24 marsa izay samy hanomboka amin'ny telo ora sy sasany tolakandro ihany koa. "Zay zany", io no lohahevitra ho entiny amin'ireo seho izay hataony ireo. Ho resahany mandritra izany ny psikolojia an'ny Malagasy amin'ny ankapobeny na hoe ny fomba fijeriny sy fisainan' ny Malagasy. Haharitra ora iray eo ny seho hataony ary mampanantena izy fa dia ho fampihomehezana ranoiray no hatolony ho an'ny olona rehetra. Vonona ny hanome zavatra tsara sy miavaka ho an'ny rehetra moa ny tenany ary dia ho torak'izany avokoa ireo seho hafa fa dia anjarantsika no mifidy izay fotoana mampety antsika na hoe hanatrika azy rehetra aza. Tsiahivina kely moa fa nanomboka ny taona 2021 i Lolosy Bonatsara no nanomboka nanao "humour" na hoe niaka-tsehatra mampiomehy olona izany. Tao amin' ny IKM no niakarany voalohany ary taorian'izay dia nandray anjara tamin'ny fampisehoana fampiomehezana maromaro izy anisany tena nahitàna azy ohatra ny hetsika MUCH gasy Stand Upper ao amin'ny Madagascar Undergourd, toy izay ihany koa ny Soukaf'hehy by Sandix ary dia nanomboka teo no nahafantaran'ny maro azy. Efa voahosotra ho mpandresy tamin'ny resaka fampihomehezana koa izy tamin'ilay hetsika "men in blague", hetsika iray karakarain'ny IKM koa izy ary dia izay no mbola manosika azy hanolotra zavatra tsara ho an'ny rehetra hatrany.



**Mampanantena fampihomehezana ranoiray izy ireo amin'io.**

**Tanya.R**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Mme Feno. Mividy kojakoja, fanaka, lamba, kiraro, poketra sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 494/20-12)

* Lamba, kiraro, kojan-dakozia, fanaka, cahier, bisikileta, machine, TV, debara. MA SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 499/10-7)

* Kilalao, boky, debara, lamba, korontana, kiraro, boky, télé. Tél : 033.92.035.13 / 034.89.917.62. (G-BA 506/15-1)

### AMIDY

* Tany amidy : Alatsinainy Ambazaha, 300m², 245m², 400m². Prix : 29.000Ar/m². Accé. Tél : 034.48.649.43. (G-BA 500/10-5)

### FAMPIANARANA

* Sahaja Yoga mampianatra méditation gratuit @ A.N.S Ampefiloha isaky ny Alahad. Tél : 034.66.819.53. (G-BA 501/7-5)

* Fampianarana manety lehilahy " coupe homme ". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 505/10-1)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 505/10-1)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plombier, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 504/6-2)

* Vidange wc & puisard, construction, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 507/12-1)

### VIDANGE

* Vidange wc perdu, fosse septique, bacs à graisse, puisard, réhabilitation, pompage. Tél : 034.16.145.06. (G-BA 477/20-4)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 034.50.547.47. (G-BA 480/10-3)

* Vidange fosse, wc 101, wc gasy Makiplast, puisard, débouchage. Tél : 033.21.723.00/ 034.20.084.25. (G-BA 490/15-15)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 038.23.389.80. (G-BA 498/20-8)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 503/6-2)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 503/6-2)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 503/6-2)

Basket - " World Cup 2023/U19 "

# Henjana ny fihaonana miandry ny Ankoay

*Firenena efa lasa lavitra amin'ity taranja ity avokoa no hifampitana amin'ny Ankoay, ankoatra an'i Liban.*

Telo volana eo ho eo sisa dia higadona ny fiadiana ny tompondaka eran-tany 2022 amin'ny basket-ball, ho an'ny zazalahy latsaky ny 19 taona, izay ho tanterahina any Debrecen (Hongrie) amin'ny sabotsy 24 jona 2023 ka hatramin'ny alahady 02 jolay 2023. Na dia vao sambany handray anjara amin'ny « World Cup » aza ny tovolahy Malagasy, dia irariana sy antenaina fa hahadingana ho any amin'ny lalao ampahefa-dàlana. Araka ny raikipohy napetraky ny tomponandraikitry ny FIBA amin'ity fifaninanana ity mantsy, dia tsy misy mihintsana avy hatrany ny ekipa ao anatin'ireo vondrona efatra ireo. Lalao fiadian-toerana no tanterahina isam-bondrona, hahafantarana ny laharan'ny ekipa tsirairay, hisintomana an'ireo hifampitana amin'ny lalao ampahavalon-dàlana, hahazoana ny tapakila mankany amin'ny lalao manasa-dàlana. Tahaka izao ny firafitry ny fihaonana amin'ny lalao ampahefa-dàlana :
- Hifandona ny ekipa ao anatin'ny Vondrona A sy ny Vondrona B : A1 # B4 ; A2 # B3 ; B1 # A4 ; B2 # A3. Toy izany koa ny Vondrona C sy ny Vondrona D : C1 # D4 ; C2 # D3 ; D1 # C4 ; D2 # C3. Araka ny iaraha-mahalala, dia efa fantatra avokoa ny ekipa miray vondrona, izay nametrahana an'ireo ekipa 16 mandray anjara amin'ity fifaninanana ity. Raha ny vondrona B misy ny ekipam-pirenentsika, dia azo lazaina fa firenena efa lasa lavitra amin'ity taranja ity avokoa no hifampitana amin'ny Ankoay, ankoatra an'i Liban, izay nitana ny laharana faha-3 tamin'ny fiadiana ny tompondakan'ny kaontinantan'i Azia. Slovenie moa dia anisan'ny firenena any Eorôpa Atsinanana efa zatra ady amin'itony fifaninanana itony, na dia nitana ny laharan faha-4 aza. Etazonia indray dia mbola vonona hitazona ny anaram-boninahitra efa eo am-pelatanany, ary mbola voalohany ihany koa tamin'ny fiadiana ny tompondakan'i Amerika.

**aris rafaly**

Atletisma - Lalaon'ny Nosy 2023

# 10 mianadahy no solontenantsika amin'ny 35km

Hanana solontena 19 mianadahy isika, handray anjara amin'ny halavirana 35km, mandritra ny Lalaon'ny Nosy. Raha ny nambaran'ny filohan'ny federasiona, Raherison Dominique dia efa fantatra ireo telo mianadahy, ahitana an'i Mampitroatsy, Razafindrafara Nanie ary Rasoariniaina Nathalie. Mandritra ny semi-marathon hatao amin'ny alahady 26 marsa kosa no hamantarana ireo 7 ambiny. Feno tanteraka ny fandaharam-potoana ho an'ny federasiona, rehefa vita ny semi-marathon, hisy fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara eo amin'ny halavirana 35km " trail court". Aorian'izay , hisy koa ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara ho an'ny halavirana 70km, izay iarahana amin'ny UTOP. Mandeha La Réunion ireo roa lahy sy roa vavy voalohany. Tafiditra amin'ny fanomanana ny Lalaon'ny Nosy hatrany, hisy ny fampiofanana iarahana amin''ny fanjakana, izay hisy atleta handeha any Dakar sy Kenya. Mbola hisy manampahaizana sinoa ihany koa hoavy eto hanohy ny fampiofanana, ka aorian'izany no hanaovana ny fifaninanana hitsapana farany, hahafantarana ireo atleta handrafitra ny ekipam-pirenena hiatrika ny Lalaon'ny Nosy. Nambaran' ny filohan'ny federasiona kosa fa alohan'ny JIOI no hanaovana ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara, ho an'ny sokajy seniors, aorian'ny Lalaon'ny Nosy kosa ny hanatanterahana ny Mada ho an'ny sokajy tanora.

**Rabenaivo**

Telma Semi-marathon andiany fahatelo

# Ho tanterahana eto Antananarivo amin'ny 26 martsa izao

Eto Antananarivo, etsy amin'ny kianja an'Alarobia indray no hanatanterahana ny Telma semi-marathon andiany fahatelo. Ny alahady 26 marsa izao no hanaovana azy io, mbola misokatra ny fisoratana anarana ho an'izay te handray anjara. Hizara sokajy roa ny mpihazakazaka ka misy ny sokajy ankizy na « junior » izay hanao hazakazaka 5 km eo, misy kosa ny sokajy tanora na « senior » izay natao ho an'ny olona manomboka eo amin'ny 20 hatramin'ny 24 taona izay hanao hazakazaka 21 km. Nosokafana ihany koa ny sokajy « vetéran » ka dia afaka mihazakazaka ihany koa ireo olona 35 taona mihoatra raha te handray anjara. Ao amin'ny kianjan'alarobia mihitsy no hanomboka ny hazakazaka ka hiazakazaka manodidina ny kianja aloha ny rehetra vao mivoaka ary mihazo an'Ivandry, Ankorondrano, Ankazomanga, miverina Ankorondrano, Marais Masay, Ambohimahitsy izay vao miverina any amin'ny kianjan'Alarobia indray ary mihazakazaka manodidina ny kianja indray vao tapitra. Io no ho an'ny sokajy "senior" fa ny an'ny sokajy "junior" kosa dia eo Ankorondrano – Alarobia ihany no hataony. Hahazo loka avy amin'ny Telma moa izay mandresy. Marihana moa fa mandritra ity hetsika ity no ifantenana izay mpilalao handray anjara amin'ny "jeux des îles". Mila lehilahy dimy sy vehivavy dimy mantsy handray anjara amin'izany fifaninanana izany saingy ho an'ny lehilahy efatra sisa no tadiavina satria efa misy an'i Fulgence, ho an'ny vehivavy kosa telo sisa no ilaina satria efa misy an'i Nathalie sy Nanie. Amin'ity ihany koa no ahitàna indray izay hibata ny "record" amin'ny semi-marathon satria mbola i Hajanirina izay mpanazatra ny Cosfa no mbola mitàna izany hatreto.

**Tanya.R**

midigazetikom@gmail.com

Gazetiko
25 taona

# FIFANINANANA TONONKALO

## FITSIPIKY NY FIFANINANANA

***Feno 25 taona katroka amin'ny 7 aprily 2023 ho avy izao ny GAZETIKO. Noho izany jobily volafotsy izany, dia misy ny "Fifaninanana tononkalo".***

Toy izao ny fitsipiky ny fifaninanana :

***And. 1 :*** Misokatra amin'ny mpamaky rehetra ny fifaninanana, tsy anavahana lahy na vavy, tsy anavahana taona. Tsy mahazo mandray anjara ny mpiasa sy ny vady amanjanany ato amin'ny Vondrona Midi Madagasikara izay misy ny Gazetiko.

***And.2 :*** Amin'ny teny Malagasy ny tononkalo izay hisy andininy roa, tsy hihoatra ny andalana valo. Lohahevitra : "Gazetiko 25 taona".

***And.3 :*** Hisy dingana roa ny fifaninanana. Ny voalohany hifantenana izay 10 (folo) tsara indrindra. Ny faharoa indray kosa, ianareo mpamaky no hifidy izay 5 (dimy) tena tsara indrindra amin'ireo.

***And.4 :*** Ny mpanoratra 5 (dimy) sy ny mpamaky 5 (dimy) mendrika indrindra samy hahazo loka. Toy izao ny fitsinjarana izany :

| Ho an'ny mpanoratra : | | Ho an'ny mpamaky: | |
|---|---|---|---|
| Voalohany: | 500.000 ariary | Voalohany : | 250 000 ariary |
| Faharoa : | 400.000 ariary | Faharoa : | 200 000 ariary |
| Fahatelo : | 300.000 ariary | Fahatelo : | 150.000 ariary |
| Fahefatra : | 200.000 ariary | Fahefatra : | 100.000 ariary |
| Fahadimy : | 100.000 ariary | Fahadimy : | 50.000 ariary |

***And. 5 :*** Ampiarahana amin'ny takelaka fandraisana anjara izay hetezana eto amin'ny GAZETIKO ny tononkalo hifaninanana. Tsy ekena sy tsy manan-kery ny dika mitovy (photocopie)

***And. 6 :*** Takelaka fandraisana anjara iray, tononkalo iray. Araka izany, afaka mandefa takelaka fandraisana anjara maromaro ny mpandray anjara amin'ny fifaninanana.

***And.7 :*** Aterina aty amin'ny GAZETIKO enceinte Midi Madagasikara Ankorondrano Antananarivo Renivohitra, fara fahatarany **ny sabotsy 25 martsa 2023 hatramin' ny 12 ora antoandro** ny takelaka fandraisana anjara miaraka amin'ny tononkalo ary ny **zoma 7 aprily 2023 hatramin'ny 12 ora antoandro** ny takelaka fandraisana anjara amin'ny fifantenana ireo tononkalo 5 (dimy) tsara indrindra

***And. 8 :*** Ny fandraisana anjara amin'ny fifaninanana dia midika avy hatrany ho fanekena ity fitsipika ity.

Gazetiko
25 taona

# FIFANINANANA TONONKALO

## TAKELAKA FANDRAISANA ANJARA

Anarana : ..........................................................................................

Fanampin'anarana : ..........................................................................

Adiresy : ............................................................................................

Laharana finday : ..............................................................................

*Aterina aty amin'ny* **Gazetiko** *enceinte* **midimadagasikara**
***Ankorondrano Antananarivo Renivohitra*** *farafahatarany ny*
***SABOTSY 25 MARTSA 2023*** *hatramin'ny* ***12 ora*** *antoandro*
*ity takelaka fandraisana anjara ity miaraka amin'ny tononkalo hifaninana.*

Sampana fikarohana ady heloka bevava Fiadanana

# Voaantso sy nofotorina ny ben'ny tanàn'Antehiroka

*Nilaza moa izy fa tsy mbola mahafantatra loatra izay antony fiantsoana azy eny amin'ny zandary.*

Nampanantsoina teny amin' ny biraon'ny zandary sampana heloka bevava etsy Fiadanana ny ben'ny tanàna an'Antehiroka andriamatoa Lalaina Vatosoa, omaly. Raharaha tany no anton'ny fiantsoana azy, araka ny nambaran'ny zandary mandray an-tanana ny fanadihadiana. Misy resaka « hosoka sy fanaovana hosoka » tamin'ny taratasy. Misy dosie tany izay mbola mandalo an-tanan-tohatra (procédure ) izay nandalo ao amin'ny ben'ny tanàna ka mikasika io no antony niantsoana azy mba hanaovana famotorana. Rehefa nohenoana izy omaly tolakandro dia nalefa nody saingy mbola miverina eny amin'ny zandary Fiadanana indray androany, hoy ihany ny loharanom-baovao. Niezaka nanontany ny ben'ny tanàna izahay naka fanampim-panazavana. Nilaza moa izy fa tsy mbola mahafantatra loatra izay antony fiantsoana azy eny amin'ny zandary ity. « Mbola tsy afaka miteny na inona na inona momba izany ny tenako fa miandry. Mbola tsy vita ny famotorana ary feo manidina ihany ilay resaka tany io. Ny ben'ny tanàna dia tsy tokony hanatona ny biraon' ny zandary toy ireny fa izy ireo no manatona ka izay no misy fandaminana » : hoy ny ben'ny tanàna rehefa azonay antso an-telefaonina. Araka izany dia andrasana ny fizotry ny fanadihadiana sy ny ho vokatr'izany…

**Ariel D.**

Ambohimahasoa

# Jiolahy raindahiny mbola vao 17 taona lavon'ny balan'ny polisy

Raikitra ny fifampitifirana! Jiolahy raindahiny mbola tsy ampy taona satria manodidina ny 17 taona no maty voatifitry ny polisy tany amin'ny fokontany Dimby kaominina Ampitana any amin'ny distrikan'Ambohimahasoa ny alatsinainy lasa teo tokony ho tamin'ny 12 ora alina. Nahatrarana basy vita gasy teny aminy tamin'io fotoana io. Efa nifanenjehan'ny fokonolona ralehilahy fa tsy tratra ka niantso avy hatrany ny polisy ny lehiben'ny fokontany. Raha vao nandre izany ny polisy dia nandray ny andraikiny avy hatrany izy ireo ka polisy nanao fisafoana amin'ny alina no nandeha nidina ifotony tany amin'ilay toerana. Nisy ny fifanenjehana ka nifanehatra tamin'ilay jiolahy izay manana basy vita gasy ireo mpitandro filaminana rehefa teo amin'ny toerana iray antsoina hoe Ambalanivoangy. Nisy araka izany ny fifampitifirana teo amin'ny roa tonta ka nahalavon'ny bala ity jiolahy ity. Dia io mbola hita teny aminy io ilay basy vita gasy nampiasainy hampirohoroana ny olona ataony lasibatra rehefa manao ny asa ratsy. Io lehilahy io izay fantatra fa mampitondrasana faisana ny mponina any an-toerana amin'ny resaka hala-botry ny vaky trano, ary efa ikoizana sy nampikaika ny olona nandritra ny fotoana maro. Anisan' izany ny nidirany an-keriny nandroba vola sy finday tao amin'ny fianakaviana manamanjo iray.

**T.H**

Ambohimanambola

# Sarona ireo 3 lahy nangalatra môtô

Telo lahy nangalatra môtô no sarona teny Ambohimanambola gara ny alahady lasa teo. Tokony ho tamin'ny 6 ora hariva tamin'io andro io no nahazo loharanom-baovao ny zandary fa misy môtô jog pro nampiahiahy mihidy ao amin'ny tsenakely hazo eny an-toerana. Rehefa naheno izany ireo mpitandro filaminana dia nandeha nidina ifotony nijery ny zava-niseho. Natao avy hatrany ihany koa ny velam-pandrika mba hisamborana ny olon-dratsy ka tratra ny iray tamin'ireo mpangalatra. Nentina natao famotorana tany amin'ny biraon'ny zandary izy ka nandritra izany no nanoroany ireo roa lahy hafa . Nandehanana avy hatrany tany amin' ilay toerana mety ahitana ireo olona roa ireo ka voasambotra teny Sud Ambohipo ao anatin'ny kaominina Alasora izy ireo. Fantatra moa fa miara-mipetraka ireto farany. Rehefa natao famotorana ry zalahy ireo dia nilaza fa môtô jog nangalariny teny Ankazobe Alasora io tratra tany amin'izy ireo io.

**T.H**

Toamasina

# Lehilahy nitazona entana halatra naiditra am-ponja

Lehilahy iray nitazona entana halatra no naiditra am-ponja any Toamasina taorian'ny niakarany fampanoavana ny alatsinainy teo. Ny zoma lasa teo tokony ho tamin'ny 3 ora tolakandro no nahazo loharanom-baovao ny polisy miasa ao any an-toerana mikasika ny fisiana roa lahy mampiahiahy nandeha môtô yamaha jog nanitrika sy nametraka kitapo eo ambodipont Ankirihiry Toamasina. Raha vao nandre izany ireo polisy avy ao amin'ny UIR dia nandeha nidina ifotony tany an-toerana nijery ny zava- niseho ka nandritra izany tokoa no nahitan'izy ireo lehilahy iray nitondra kitapo fa ireo roa lahy voalaza nanitrika an'io kosa tsy hita. Nosavaina tao anatin'ilay kitapo ka nahitana solosaina fentina an-tanana tao. Nentina avy hatrany teny amin'ny biraon'ny polisy ilay lehilahy ary nandritra ny famotorana natao azy no nahalalana fa halatra io kitapo sy solosaina tratra teny aminy io. Hita rahateo ireo olona tompon'ireo entana izay nilaza fa nisy namaky ny fiaran'izy ireo tao amin'ny parking cimetière Ambalabe tamin'io andron'ny zoma io tokony ho tamin'ny 2 ora tolakandro ka kitapo iray nisy solosaina sy vola mitentina 5 tapitrisa ariary no very tamin'izany. Dia io tratra tany amin'ity lehilahy ity. Dia izao naiditra am-ponja izao ity farany fa mitohy kosa ny fikarohana ny namany roa hafa.

**T.H**

Morarano Chrôme

# Telo mianadahy votsotra teo am-pelatanan'ireo mpaka an-keriny

Votsotra soa aman-tsara teo am-pelatanan'ireo olon-dratsy ireo olona telo avy ao amin'ny Fokontany Ambohimanarivo, Kaominina Morarano Chrome izay voatana an-keriny efa ho 20 andro. Tany amin'ny distrikan'Anjozorobe izy telo mianadahy no navotsotry ny mpanao fakana an-keriny, omaly. Nisy ihany koa ny fandoavana vola nataon'ny fianakavian'ny lasibatra. Ny totaliny aloha hatreto no mbola tsy fantatra mazava. Raha ny loharanom-baovao dia jiolahy 2 nitondra basy mahery vaika « kalachnikov » no naka ny vola takalon'ny famotsorana an'ireto olona ireto teny ankijana tao Maizinandro, fokontany Antevamarina, kaominina Amboasary avaratra, Distrikan'Anjozorobe. Omaly alarobia maraina kosa no navotsotra izy ireo tao amin'ny tanàna atao hoe Bevakona, fokontany Antevamarina, kaominina Amboasary avaratra.

**Hetsiky mpitandro filaminana**

*« Tonga tao amin'ny ivon-toeram-pibaikona ny "Opération harato » moa ny Governora sy ireo mpiara-miasa aminy, omaly nanolotra fisaorana sy fanampiana ho an' ireo mpitandro filaminana izay nanao ny ainy tsy ho zavatra manao hazalambo ireo jiolahy ary nandrava ireo toby fiheren'ireo mpaka ankeriny ka nahatonga azy ireo nikisaka any amin'ny Distrikan' Anjozorobe Faritra Analamanga ankehitriny » :* hoy ny seraseran'ny governora faritra Alaotra Mangoro. Mitohy ny fanaovana fitsirihana sy ny fikarohana ary mbola miroso amin'ny fampandrian-tany ny mpitandro ny filaminana any an-toerana.

**Ariel D.**

Antetezana afovoany

# Telo lahy nangalatra tratran'ny polisy

Lehilahy telo, 57 taona, 35 taona ary 32 taona, no voasambotry ny polisy avy ao amin'ny kaomisarian'ny boriborintany fahefatra eny Isotry, omaly tokony ho tamin'ny 05 ora maraina, teo akaikin'ny Cenam Antetezana afovoany, noho ny resaka fangalarana kojakoja anaty fiara sy famakiana trano ary fanendahana. Polisy nanao fisafoana teny antoerana no nahita azy ireo nanao ny asa ratsiny. Nandray ny andraikiny avy hatrany ireo mpitandro filaminana ka niroso tamin'ny fisamborana an-dry zalahy. Tratra nanendaka ny iray, sarona teo am-pangalarana ireo kojakojam-piara ny iray hafa, ary tratra ambodiomby teo am-pamakiana tranon'olona kosa ilay iray fahatelo farany.

**T.H**


**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 988 - 03 - 23
Isan'ny natonta : 25 000


**Nahandro**

### Henan-kisoa sy vomanga

Zavatra ilaina : vomanga 250g, tongolo gasy 6, nofon-kisoa 300g, sira sy dipoavatra, menaka, dibera 5g, sakay kely raha mahazaka, fromazy 100g, ranona pamplemousse 85ml, rano 85ml, solila 4g

Karakarao ny legioma : teteho ny vomanga ary teteho madinika koa ny tongolo gasy. Teteho ny nofon-kisoa dia asio sira sy dipoavatra ka endaso anaty lapoaly amin'ny menaka sy dibera kely. Tsihifo anaty lovia avy eo. Arotsahy anaty lapoaly ny tongolo gasy sy sakay ary ny vomanga sy fromazy. Endaso sady haroy matetika. Araraho ao ny ranona pamplemousse sy ny rano dia andrahoy ao ny vomanga. Avereno ao ny hena mba ho masaka tsara ka azonao asiana olatra kely raha tianao fa indrindra ny solila. Arosohy mafana. Hanina amin'ny vary na raha ataonao betsaka ny vomanga dia hanina amin'izao.

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

**Fenoy**




## Hatsikana an-tsary

**Tsy mety**




## Masoandro miposaka

**3 Jaona : 4**

Tsy manana fifaliana mihoatra noho izao aho, dia ny andrenesako fa mandeha araka ny fahamarinana ny zanako.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Tsabo mararin'Antoby, ka ny marary indray no miandry sotro.**

Les malades soignés à Antoby : ce sont eux qui doivent attendre leur tour de saisir la cuiller (pour manger).

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2904

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | 1 | 7 | | | | |
| 3 | 8 | 5 | | 2 | | | 4 | |
| | 9 | | | | 5 | 3 | | |
| 1 | 3 | | 5 | | | | 6 | |
| | | 2 | | 8 | | | 1 | |
| 9 | | | | | 4 | 2 | | |
| | | | | | | | | 3 |
| | | 4 | 2 | | | | 9 | |
| 6 | 7 | | | | | | | |

Valin'ny laharana 2903

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | 3 | 8 | 7 | 6 | 4 | 1 | 5 | 2 |
| 4 | 5 | 6 | 2 | 1 | 9 | 8 | 3 | 7 |
| 1 | 7 | 2 | 5 | 3 | 8 | 4 | 6 | 9 |
| 5 | 8 | 9 | 4 | 2 | 1 | 6 | 7 | 3 |
| 7 | 2 | 1 | 6 | 9 | 3 | 5 | 8 | 4 |
| 3 | 6 | 4 | 8 | 7 | 5 | 2 | 9 | 1 |
| 2 | 1 | 5 | 3 | 8 | 7 | 9 | 4 | 6 |
| 6 | 4 | 7 | 9 | 5 | 2 | 3 | 1 | 8 |
| 8 | 9 | 3 | 1 | 4 | 6 | 7 | 2 | 5 |

Sahondra Rabenarivo - Filohan'ny CSI

# "Sarotra ny hamongorana ny kolikoly raha mbola misy misitraka zo tsy azo enjehina"

*Tsy vitan'izay fa mampahazo vahana ny tsimatimanota ihany koa ny mbola fisian'ireo olona misitraka izany zo izany, araka ny fomba fijerin'ny CSI.*

Nandray anjara tamin'ny ady hevitra miompana amin'ny fifandraisan'ny fisitrahana zo tsy azo enjehina sy ny tsimatimanota, izay nokarakarain'ny ONG Ivorary Rtoa Sahondra Rabenarivo, Filohan'ny Komity Mitandro ny Fahitsiana na CSI, omaly. Nandritra ny fandraisam-pitenenany, tsy nivilivily ity farany raha nilaza fa isan'ny mampahazo vahana ny tsimatimanota sy ny kolikoly eto ny mbola fisian'ireo sokajin' olona misitraka izany zo tsy azo enjehina izany. Notsipihany tamin'izany fa ampiasain'ny sasany ialokalofana fotsiny ny fisitrahana io zo tsy azo enjehina io ka ho sarotra ny hamongotra ny kolikoly, izay dradradradraina eto amin'ny firenena isanandro raha tsy foanana ny momba izany. Na izany na tsy izany, miantso ny olom-pirenena rehetra handray andraikitra sy hitondra ny anjara birikiny hiadiana amin'ny tsimatimanota eto Madagasikara ny Komity Mitandro ny Fahitsiana. Manao antso avo ihany koa ny CSI mba hanamorana ny fangatahana fanomezan-dalana hitory sy hanenjika ireo sokajin' olona misitraka izany zo tsy azo enjehina izany. Eo ihany koa ny hanohizana ny raharaham-pitsarana amin'ireo dosie mahavoasaringotra olom-panjakana ambony nalefan'ny Fitsarana Avo na HCJ eny anivon'ny Antenimierampirenena. Marihana fa isan'ireo misitraka izany zo tsy azo enjehina izany ny solombavambahoaka.

**Mamy R.**

Minisiteran'ny Fitsarana

# Hisy famindran-toerana mpitsara hisesisesy ato ho ato

Inona no mason-tsivana hapetraka? Tena ny tsy fahombiazana teo amin'ny fanatanterahana ny asany ve sa sanatria sao ho halako bika tsy tiako tarehy na tsy akama na koa misy tanjona hafa? Ny mpitsara eto an-drenivohitra ihany ve no ho voakasika sa ny any amin'ny faritra ihany koa. Ireo no anisan'ny fanontaniana manitikitika ny saina, manoloana ny fanambarana nataon'ny minisitry ny Fitsarana, Landy Mbolatiana Randriamanantenasoa, nampahafantatra mialoha fa hisy famindran-toerana mpitsara ato ho ato. Nambarany moa fa tany tan-dalàna i Madagasikara ka tsy ekena ny fandikan-dalàna ary ho esorina amin'ny andraikiny izay tsy mahomby. Ny tsy fahombiazana anefa eto amintsika, raha ny zava-misy tato ho ato dia arakaraky ny maso mijery. Tonga amin'ny fomba fiteny hoe: ny fihevitro mety tsy fihevitrareo. Ankoatra izay, nahazoambaovao ihany koa fa manomboka miseho lany ny tsy fitovian-kevitra eo amin'ny mpitsara sy ny minisitera, tato ho ato. Asa mety misy ifandraisany tamin'ilay famoahana ben'ny tanàna iray tao am-ponja ve izany sa antony hafa ? ary mety hisy ifandraisany amin'io tranga io ve ilay famindran-toerana kasaina hatao ?

**V.R.**

Madagasikara sy i Ejypta

# Vonona hiara-miasa amin'ny fanorenana fotodrafitrasa

Nanolotra ny taratasy manendry azy hiasa eto Madagasikara, tamin'ny Filoham-pirenena Rajoelina Andry teny Iavoloha, ny masoivoho vaovaon'ny Repoblika Arabon'i Ejypta SEM Rabab Said Abdou Abdelhadi. Nandritra izany no nanambaran'ity masoivoho ity fa vonona amin'ny fampiroboroboana sy fijerena ireo lalam-piaraha-miasa hanatsarana ny fifandraisan'ny firenena roa tonta ireo sehatra tsy miankina sy mpamatsy vola Ejypsiana. Efa amantaonany maro no nisy ny fiaraha-miasa teo amin'i Ejypta sy Madagasikara eo amin'ny sehatra maro toy ny fambolena, ny fahasalamana sy ny fotodrafitrasa. Anisan'ny goavana amin'izany ankehitriny ny firosoan'ny fanamboarana ny lalam-be migodana mampitohy an'i Toamasina sy Antananarivo izay orinasa Ejypsiana SAMCRETE no manao ny asa. Ankoatra izany, nandray ny taratasy manendry ny Masoivohon'ny Repoblika Islamika an'Iran hiasa eto amintsika, SEM Hassan Ali Bakhshi, ihany koa ny Filoham-pirenena.

**JUDD**



**Ny Filoha Andry Rajoelina nandray ny Ambasadaoron'i Ejytpa vaovao teny Iavoloha.**


**FITSARANA AMBARATONGA VOALOHANY ANTSIRABE**
**SAMPANA ADY MADIO**
RAHARAHA LAHARANA FAHA 1382-RG/21/DIV
DIDY LAHARANA FAHA 546 TAMIN'NY 20 MAY 2022
**RAHELIARISOA Sylvie** miady amin'i **RAKOTOARITINA George**

ANTONY : **FISARAHAM-PANAMBADIANA**
Tamin'ny fotoam-pitsarana ampahibemaso sampana ady madio natao androany roapolo may taona roa amby roampolo sy roa arivo, tao, amin'ny Lapan'ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany eto Antsirabe; tao amin'ny efitrano fitsarana andavan'andro, ka nitsara tamin'izany :
Ramatoa RAFIAKARANA Princia, Mpitsara mpamoaka didy eto amin'ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany Antsirabe, FILOHA,
Nampian-dRamatoa ANDRIAMADISON Setramihamina Henintsoa, mpirakidraharahan'ny Fitsarana,
Dia namoaka izao didy manaraka izao amin'i Ramatoa RAHELIARISOA Sylvie mitoetra ao Miaramasoandro Lot 405 C 59, Kaominina sy Distrika Antsirabe, MPANGATAKA, nanatrika nanao fehinteny, ANKILANY;
sy RAKOTOARITINA George, monina sy mitoetra ao Miaramasoandro Lot: 405 C 59, Kaominina sy Distrika Antsirabe, TORIANA, tsy nanatrika, nanao fehinteny, ANDANINY;
**NOHO IRETO ANTONY IRETO**
Mitsara ampahibemaso, nifanatrehana tamin'ny mpangataka ary heverina ho toy ny hifanatrehana tamin'ny toriana, amin'ny resaka ady madio rehefa avy nodinihana tamin'ny rantsana filan-kevitra , mbola azo anaovana fampakarana;
Ambara fa azo raisina ny fangatahana;
Ambara ny fisaraham-panambadiana eo amin'i RAKOTOARITINA Géorge sy RAHELIARISOA Sylvie ho amin'ny tsiny amam-pondron'ny lahy irery ihany;
Didina ny hanoratana ny didy, rehefa tapitra ny fe-potoana hanaovana fampiakarana ambony; ao amin'ny bokin'ny sora-piankohonan'ny fanambadiana ao amin' ny Kaominina Ambonivohitra Andranomanelatra, ary eo amin'ny sisin'ny sora-pahaterahan'ny mpivady tsirairay.
Hamafisina amin'ny heriny manontolo ny didy tsy fampihavanana laharana faha 049-ONC/22 tamin'ny 21 febroary 2022; didina ny hizarana mira ny fananana iombonana raha toa ka misy izany, araka ny voalazan'ny lalàna
Apetraka ho andraikitry ny toriana ny mandoa ny lany rehetra amin'ny Fitsarana.
Toy izany no nitsarana sy namoahana ampahibemaso ny didy ny andro, volana ary taona voalaza etsy ambony, ary ny matoan'ity didy ity dia nosoniavin'ny FILOHA sy ny MPIRAKIDRAHARAHA
SUIVANT LES SIGNATURES
G-CL 455/1-1


## Marina izany !

### Vola sa tsangan-kevitra !

**Valo volana mialoha ny fifidianana Filoham-pirenena, tsikaritra ho tsy mivoatra fa vao maika aza toa mivaralila, tsy ahatsapana fahamatorana fa kajikajy pôlitika sy tombontsoa hatrany no ao ambadika. Tsy mahagaga raha tsy miraika sy sarotra entanina ny olompirenena tsotra. Nanaitra ny fahasahian'ny antoko Asa Vita no Ifampitsarana, nilaza fa natokana ho an'ny kandidà manan-katao ny fifidianana filoham-pirenena. Hanky va re, hoy ny fanamarihan'ny olon-tsotra, vola sy fitaovana raitra, hanaovana fampielezan-kevitra no zava-dehibe fa tsy tsangan-kevitra sy ny fananan'ny kandidà fandaharan'asa maharesy lahatra, hitantanana sy hampandrosoana ny firenena sy ny mponina ao aminy. Tsy mahagaga arak'izany, raha izao no toerana misy ny firenentsika. Mbola ny omaly tsy miova ihany izany no hitranga eto, miainga amin'izay foto-pisainana izay satria tsy hifototra amin'ny fikatsahana ny tombontsoa iombonana ny mpitondra fa hamerina ny lany. Tsy misy afa-tsy ny fahatongavan-tsain'ny mpifidy, hahay hanavaka ny vary amin'ny tsiparifary irery ihany no hialàna amin'izany fomba ratsy izany. Ao anatin'ny fanomanana ny fifidianana ihany, tsikaritra ho mitombo andro aman'alina ny mpanao pôlitika sy ny antoko pôlitika misintaka amin'ny kandidà notohanany, tamin'ny 2018. Manoloana izany dia tsy vitsy ny mpandinika ny raharaha pôlitika no mametrapanontaniana hoe: fomba fiady indray ve izany ? Inona no tanjona ? Mbola hamita-bahoaka indray ve ? Manoloana izany no tokony hahamailo ny olompirenena, hahay hamakafaka ny lalan-kizorana na dia fantatra fa sahirana amin'ny andavanandrompiainana aza, mba tsy ho omaly tsy miova ny fiainandRamalagasy !**

**Voahangy Rakotozafy**

Fifidianana Filoham-pirenena

# Haneho ny ahiahiny ireo fiarahamonim-pirenena

Manakaiky ny fotoam-pifidianana Filoham-pirenena. *"Manana ahiahy ny fiarahamonim-pirenena. Amin'ny herinandro ho avy izao, hanatanteraka loabary an-dasy izahay, izay hampandraisana anjara mpanao pôlitika 15, olona 20 avy amin'ny fiarahamonim-pirenena, ary mpanao gazety 10."*, hoy Dr Hanta Andrianasy, tomponandraikitra eo anivon'ny FES (Friedrich Ebert Stiftung). Nampahafantarina, omaly tao amin'ny foiben-toeran'ny FES Ankadifotsy, ny fanombohan'ny tetikasa "PARTICIPE". Miara-miasa amin'ny fanatanterahana izany ny "FES Madagascar" sy ny Delegasionin'ny Vondrona Eoropeana eto Madagasikara sy any Kômôro. Hoentanina ny olom-pirenena ho lasa mpandray anjara feno amin'ny fametrahana fifidianana mangaraharaha sy demokratika ary mampiaty eto Madagasikara. Hisy ny fanomezan-danja ny hevitr'ireo tanora eny anivon'ny oniversite amin'ny alalan'ny fanatanterahana famelabelaran-kevitra arahina ady hevitra, ka tafiditra ao anatin'izany ny any Boeny, Matsiatra Ambony, Atsimo Andrefana, ary Atsinanana. Hisy koa ny fanomezana tantsoroka ho an'ireo mpisehatra amin'ny tontolo pôlitika sy ny fametrahana ireo mpanaramaso ny fifidianana anaty tambazotra.

**R. Muray**


**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

INSTN Madagascar

# Mpiasa maro efa niasa 20 taona mahery tsy voaray ho fonksionera

*Mampiavaka an'ity ivontoeram-pikarohana ity ny fanaraha-maso an'ireo fitaovana mampiasa taratra nokleary eto amintsika.*

*''Ny mpiasan'ny INSTN Madagascar dia manao an'izao fitarainana izao, satria marary ny tontolon'ny asanay. Maro ny mpiasa efa niasa 20 na 25 taona no mihoatra eto anivon'ny INSTN Madagascar kanefa tsy mbola voaray ho mpiasam-panjakana hatramin'izao. Ivontoeram-pikarohana sy fampiofanana nasionaly eo ambany fiahian'ny Minisiteran' ny fampianarana ambony sy fikarohana ara-tsiansa ny INSTN Madagascar. Miaramiasa amin'ny oniversite sy orinasa vaventy maro manerana ny nosy izy ary mifampizara traikefa amin'ny firenena maro any ivelany ihany koa'',* hoy ny solontenan'ny mpiasa eo anivon'ny INSTN Madagascar omaly. Mampiavaka an'ity ivontoeram-pikarohana ity ny fanaraha-maso an'ireo fitaovana mampiasa taratra nokleary eto amintsika, ny fitiliana ny mety ho fisian'ny singa nokleary amin'ny sakafo hafarana na aondran'i Madagasikara. Fitiliana ireo singa mavesatra sy taratra ho an'ny tontolo iainana : rano, rivotra ary tany. Ao koa ny fanaraha-maso ireo mpisehatra mampiasa taratra nokleary amin'ny toerampitsaboana samihafa, sy orinasa. Ny INSTN ihany koa no manome fahazoan-dalana manafatra, manondrana, mitazona sy mampiasa ny fitaovana misy taratra nokleary. *''Apiasanay ny teknolojia nokleary, toy ny taratra nokleary, taratra Alpha, taratra Gamma,. Raha ho an'ny ivon-toerampikarohana hafa eo ambany fiahian'ny Minisiteran'ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa, toy ny CNRIT, CDST, PBZT, CNRO, CNRE, FOFIFA, IMVAVET... dia manana ny mampiavaka azy ny INSTN Madagascar'',* hoy hatrany ny mpiasan'ny INSTN. Mahatsiaro tena ho zanak' ikalahafa ny mpiasa, ary ny taona 1992 no efa nisian'ny INSTN Madagascar.

**HAR**

Kafe Arabica

# Nihena be ny vokatra any Itasy

Mitaraina ireo tantsaha mpamboly kafe Arabica ao amin'ny faritra Itasy fa nihena be ny vokatr'izy ireo amin'izao fotoana izao. Taloha, raha nahazahoana 15 kg ny fototra kafe iray, ankehitriny zara raha misy 9 kilao sisa hoy Mizabety Lucienne, mpamboly kafe any Itasy. Antony maro no voalazany mahatonga izany fa anisan'ny miavaka indrindra ny fiovan'ny toetr'andro. Izany hoe, mitombo ny fotoana lany amin'ny fikarakarana ny fototra kafe satria mihabetsaka ny bibikely toy ny olitra. Raha maitso tsara ihany koa ny ravin'ny kafe taloha ankehitriny mihamavo izany noho ny tsy fahampian'ny orana. Tsy izay ihany anefa fa lasa kaohin'ny riaka ny tany dia tsy voatazona intsony ny



**Izy no Lucienne Mizabety, mpamboly kafe Arabica any Itasy.**

nofon-tany. Tototry ny hatsanga ary fasika no mameno ny tany ka tsy mahazo tsirony intsony. Izany rehetra izany no fositra mahatonga ny fahavoazana manjoa ireo tantsaha. Misy ihany ny fepetra noraisina ka anisan' izany ny ady gasy izay natao hiarovana ireo fototra kafe ireo. Toy ny fampiasana fanafody biby vita amin'ny zavamaniry, ka anisany ny fampiasana ravina voandelaka sy sakay pilokely ary ny "consoude". Miezaka mampiasa zezi-pahitra ihany koa ireo tantsaha mba hamerenana ny tsiron'ny tany izay nokaohin'ny riaka. Azo antoka fa tsy ny any Itasy irery no mahatsapa ny vokadratsy ara-tontolo iainana noho ny fiovan'ny toetr'andro. Mandrisika ny olona hamboly hazo sy tsy handoro tanety i Lucienne Mizabety. Ireo tanora ihany koa tokony handalina bebe kokoa ny resaka fambolena sy fiompiana fa tsy maika hiasa birao na hivarotra izay mahamaika ny ankamaroan'izy ireo. Raha ny vokatra kafe mantsy dia azo lazaina fa mahavelona tsara, indrindra raha tena hifotorana ny fanaovana azy.

**Nath**

Fidirana anaty ara-dalàna

# Nifanome tanana ny fanjakana sy ny sehatra tsy miankina


**Manga ny resaka teo amin'ny tale jeneralin'ny hetra (an-kavanana) sy ny filohan'ny FIVMPAMA (an-kavia).**

Misehatra anatin'ny tsy ara-dalàna ny ankamaroan'ireo mpandraharaha madinika sy salantsalany. Notanterahina omaly, tao amin'ny "Maison de l'entrepreneuriat" Ambohijatovo, ny fanaovan-tsonia fifanaraham-piaraha-miasa teo amin'ny Foibem-pitantanana ankapoben'ny hetra sy ny FIVMPAMA (Fivondronan'ny Mpandraharaha Malagasy) mikasika ny fametrahana ny "Centre de Gestion Agrée" na ny CGA. *"Ny 30 ka hatramin'ny 40 isanjaton'ny harin-karena faobe dia avy amin'ireo mpandraharaha misehatra ao anatin'ny tsy aradalàna avokoa. Ahitana tombotsoa maro ny fidirana ho mpikamabana ao anatin'ity ivotoerana ity, toy ny fidirana anatin'ny sehatra manara-dalàna, ny fihenan'ny vesatra araketra zakain'ireo mpandraharaha misehatra anatin'ny aradalàna, ny fahamoran'ny fifampiresahana amin'ny fanjakana na eo amin'ny lafiny lalàna na eo amin'ny lafiny fitadiavana lalam-barotra, ny fahamoran'ny fitadiavana famatsiam-bola sy ny famatsiana akora, ary ny fitomboanan'ny hetra miditra any amin'ny fanjakana.",* hoy Rakotondrasanjy Rivo, filohan'ny FIVMPAMA. Ireo fikambanana 15 ao amin'ny FIVMPAMA, izay miparitaka amin'ny rantsana 12 manerana ny Nosy no hisitraka voalohany ity fiaraha-miasa ity. *"Ny fidirana ao anatin'ity CGA ity dia hahazoana fanalefahana ara-ketra eo amin'ny 2 isanjato amin'ny hetra tambatra. Rehefa tsy mandoa hetra ireo tokony handoa dia lasa ireo manara-dalàna indray no mizaka ny vesatra ara-ketra rehetra. Raha mandoa hetra avokoa anefa ireo mpandraharaha madinika sy salantsalany dia afaka mifandraharaha amin'ireo orinasa lehibe, mahazo famatsiam-bola any amin'ny banky, ary afaka mifaninana amin'ny fahazoana tsenam-baro-panjakana.",* hoy ny tale jeneralin'ny hetra, Germain. Niarahan'ny tale jeneralin'ny hetra sy ny filohan'ny FIVMPAMA nanatanteraka ny fanovan-tsonia ny fifanarahampiaraha-miasa.

**R. Muray**

# NY FIFAMELANA - LE GRAND PARDON

Soso-kevitra amin'ny fanarenana ifotony ( tohiny )

# Vola ampiasaina amin'ny fampielezan-kevitra

Ireo antoko politika mahatafiditra olona ao amin'ny filankevitry ny distrikta sy ny faritany ihany no afaka mandrotsaka olona ho fidiana ho solom-bavambahoaka sy filoham-pirenena. Ho vitsy ireo mpifaninana amin'izany ary ahitana olom-baovao tokoa izay heverina fa tena nivoaka avy amin'ny vahoaka. Ny fanjakana no miantoka ny vola ho lanin'izy ireo amin'ny fampielezankevitra, ary ajoro ny rafitra hanara-maso ny fandanian' izany volam-pirenena izany. Ny lalam-pifidianan no hamaritra an'izany vola izany.

Raha todihana io sosokevitra aroso io dia tsy misy antony ampijoroana intsony ny vaomieram-pirenena mikasika ny fifidianana (CENI), voasolon'ny olompanjakana ao amin'ny ministeran'ny Atitany sy ny komitim-pifidianana isan'ambaratonga ny asany . Ho mora ny andraikitry ny fitsarana avo momba ny lalam-panorenana satria ny PV ny vokapifidianana avy any amin'ny FKT, ny kominina , ny distrika , ny faritra ary ny fifidianana solom-bavam-bahoaka sisa no sahaniny mba ho lasa ara-dalana. Raha miankina amin'ny famatsiambola avy any ivelany foana ny fifidianana ataontsika dia sarotra ny inoana fa tsy hitsabatsabahan'izy ireo ny voka-pifidianana amin'ny fampiasana ny " logiciel " avy any amin' azy ireo izay marihina fa tena manova zavatra tokoa. Asiana teny koa ny momba ny fitsarana izay mampitaraina ny vahoaka ny fomba fiasany . Ny filoham-pitsarana rehetra isan'ambaratonga dia ny fahefana mahefa no manendry azy ary ny fampanohavana kosa dia ny ao amin'ny fahefana mpanao lalàna no manendry azy. Mba tsy ampihoa-pefy an'ireo olom-boafidy sy olom-boatendry izay heverina fa ho tarafin'ny vahoaka dia ny iray am-pahatelon'ny mpikambana ao amin'ny fahefana mpanao lalana dia ampy hanokafana ny fanenjehana an'ireo mania .

Fehiny : Raha vahana amin' ny ala olana sadasada ny olana dia sadasada toa izany koa ny ala olana avoakany. Olana amin'ny olona no misy eto (problème d'homme). Ireo zavatra telo mitaky fandraisana andraikitra ireo no azo lazaina fa hampiova tanteraka ny fo avin'ity firenentsika ity. Mora entina ny vahoaka malagasy fa mila mpitondra azony alaintahaka fotsiny. Nomen-janahary antsika ity nosy ity , izay tsiriritin'ny firenendrehetra . Azo atao ny mampandroso azy ao anatin'ny fotoana fohy tsy misy ra latsaka ; ary tsy hisy intsony ny fanorenana tsangambato ho fanadiovan-tena eo annatrehan' ny tantara, satria tsy mbola misy didim-pitsarana marina avokoa. Tsy hisy intsony ireo " grand dossiers " sarotra na tsy azo tsaraina satria tsy mahaleo tena ny fitsarana .

Nary Ravonjy mpanorina ny fikambanana " Ny fifamelana - Le grand pardon " tel : 0331169716 - 0343469716 email : naridoria@gmail.com

**Nary Ravonjy**

Rivodoza Freddy

# Nandripaka aina maro tao Malawi sy Mozambika

Voasokajy ho isan'ny rivodoza naharitra indrindra i Freddy raha 31 andro ny faharetan'ny rivodoza John tamin'ny 1994. Niforona tany Australie ny 6 febroary 2023 i Freddy, nahatratra 1 000km ny halaviran-toerana nandalovany rehefa avy nandravarava teto Madagasikara sy Mozambika ary Malawi izany hoe tao anatin'ny 38 andro izay. Tao Malawi sy Mozambika, maherin'ny 200 ny isan'ireo namoy ny ainy ary 59 000 ny isan'ireo traboina izay voatery nafindra toeram-ponenana, manginy fotsiny ny fahapotehan-javatra maro. Tao Malawi fotsiny, 190 ny nodimandry, 584 ireo naratra ary misy olona 37 tsy hita ary ny tatsy Mozambika kosa, 20 no maty, 24 ireo naratra.

Araka ny vina navoakan'ny sampana mpamantatra ny mety ho toetry ny andro, mitondra rotsak'orana manerana ny Nosy ny tangoron-drahona miaraka amin'i Freddy amin'izao fotoana izao. Efa mihena ny heriny rehefa miverina ao amin'ny lakandranon'i Mozambika izy. Ambany ny herijika mety hitomboany hery indray na izany aza anefa arahimaso akaiky ny momba azy. Ato anatin'ny telo andro, misy tangoron-drahona miaraka amin'i Freddy mitondra rotsak'orana betsaka saika manerana ny Nosy. Ho betsaka ny orana any atsimo sy andrefana ary afovoan-tany iray manontolo. Hiverina noho izany ny oram-baratra ka tokony ho mailo amin'izany ny rehetra.

**Nath**